Depiote Roland Ratsiraka 2
**Maha menatra fa tsy misy vola ny fanjakana**

Depiote Todisoa sy fanalana ny Praiministra 2
**Tsy misy IRD, na TIM, na Tsy Miankina, miray feo ny depiote**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 8 desambra 2022 Laharana 1377 Vidiny : **600 Ar**


Facebook 3
**Rajoelina mihitsy no fôpla fa tsy ny manodidina azy ihany**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Fanomanana fifidianana tsy tomombana 2

## Hisy fanapahan-kevitra politika lehibe ho raisina raha miziriziry ny fitondrana



Fitsipaham-pitokisana ny governemanta 3

## Mihotakotaka sy misamboaravoara ny eny Tsimbazaza




Fitakiana 3


## Nafana ny fitokonan'ny mpianatry ny ENS teny Ampefiloha



Zoma 9 sy sabotsy 10 desambra 5

## Fantaro ireo lalao ¼-dalana rehetra amin'ny Mondial 2022





Karaté-do Malagasy 6
**Samy mbola miziriziry ho tena izy ny ekipa roa tonta**

Mondial 2022 any Qatar 7
**Mampihanta ny mpanjifa ny Tranombarotra Baolai**

**Daka kely**

Tsy takona afenina intsony ny gidraka anatiny ao amin' ialahy isany ry boaikely a !

FANOMANANA FIFIDIANANA TSY TOMOMBANA

# Hisy ny fanapahan-kevitra politika lehibe ho raisina raha miziriziry ny fitondrana

Nanao fanambarana tao amin'ny Radio sy ny televiziona MBS omaly ny filoha Marc Ravalomanana, mahakasika ny tsy fahatomombanana amin'ny fikarakarana fifidianana.

"Ho taom-pifidianana ny taona 2023 izay hatrehintsika afaka andro vitsy. Hita sy tsapa anefa fa tsy lavorary, tsy milamina ary tsy azo antoka ny tontolo manodidina ny fanomanana ny fifidianana ankehitriny. Tsy hita taratra ny fahavononan'ny Mpitondra hanatanteraka fifidianana madio sy milamina. Antoko politika tompon' andraikitra ary mametraka hatrany ho lohalaharana ny tombontsoa ambonin'ny Firenena ny Antoko TIM. Noho izany dia tsy hainay ny hangina manoloana ny loza mitatao ho an'ny Demokrasia sy ny raharaham-pirenena ankapobeny eto Madagasikara.

Ho fisorohana ny savorovoro sy ny korontana mety hateraka in'ny fifidianana ratsy fanomanana sy tsy andraisan'ny rehetra anjara dia manao izao fanambarana izao izahay milaza ireo zava-misy ary mitondra ireo soso-kevitra ho fanatsarana.

**MIKASIKA NY FANDRAFETANA NY LISITRY NY MPIFIDY:**

Tsy tomombana sy tsy mizotra araka ny tokony ho izy ary tsy mahazo ny faharisihan'ny rehetra ny fanavaozana manontolo ny Lisitry ny Mpifidy atao ankehitriny. Noho izany dia ho sarotra ny hahazoana Lisitry ny Mpifidy feno sy madio hanatanterahana ny fifidianana amin'ny taona 2023 raha izao zava-misy sy fomba fiasa izao no mitohy.

Tsy fahamatorana ny fikasana hanalava ny fotoana hanavaozana manontolo ny Lisitry ny Mpifidy. Ho fanatsarana ny fandrafetana ny Lisitry ny Mpifidy dia arosonay ny tokony :

- Hanatanterahana ny fanavaozana manokana (Révision spéciale) ny Lisitry ny Mpifidy manomboka ny fotoana hivoahan'ny Didimpanjakana miantso ny Mpifidy handatsa-bato ka mifarana 30 andro mialohan'ny andro fandatsaham-bato
- Hanomezana malalaka ny antoko sy fikambanana politika rehetra hanao ny fanentanana ny fiainana ara-politika manerana ny nosy izay zo omen'ny Lalàna azy ireo rahateo.
- Hanajanonana tsy misy hatak'andro ny fanaovana « jugement supplétifs » sy ny fanaovana karapanondrom-pirenena faobe satria mety hiteraka hosoka sy tsy fifampitokisana.

**MOMBA NY TETIANDROM-PIFIDIANANA SY NY TETIBOLA HANATANTERAHANA IZANY:**

Tsy hita mazava ao amin'ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana ireo Fifidianana tokony hatao amin'ny taona 2023 dia ny Fifidianana Filoham-pirenena sy ny Fifidianana Ben'ny Tanàna sy Mpanolo-tsaina eny anivon'ny Kaominina.

Tsy ampy hanatanterahana ireo Fifidianana tokony hatao ny Tetibola voasoratra hanatanterahana izany amin'ny taona 2023 raha ampitahaina amin'ny teo aloha sy ny fanambaran'ny CENI.

Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe :

Ny CENI ve no tsy nampahafantatra ny Governemanta ireo Fifidianana tokony hatao amin'ny taona 2023 sy ny teti-bola hanatanterahana izany, sa ny Governemanta no tsy niraharaha izay soso-kevitra naroson'ny CENI ?

Tsy azo ekena ny mety ho fikasana handika ny Lalampanorenana sy ny Lalàna velona eto amin'ny Firenena ka hanitarana ny fepotoam-piasana na ho an'ny Filoham-pirenena na ho an'ny Ben'ny Tanàna sy ny Mpanolo-tsaina eny anivon'ny Kaominina.

Noho izany dia takinay ny hanambaran'ny Governemanta mazava ireo Fifidianana ho tanterahina amin'ny taona 2023 sy ny fanokanana vola ampy hanatanterahana azy ireo mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena.

**MIKASIKA IREO LALANA SY RAFITRA MIFEHY SY MITSARA NY FIFIDIANANA:**

Ny Lalàmpifidianana misy ankehitriny dia tsy feno sy tsy manome antoka ny fitovian-jon'ny Kandida rehetra, ny fangaraharana sy ny fahadiovan'ny fifidianana, ny tsy fiandanian'ny fanjakana ary ny fanasaziana izay mandika Lalàna.

Tsy azo antoka ny fahaleovantena sy ny tsy fiandanian'ireo rafitra mikarakara sy mitsara ny Fifidianana.

Na dia teo aza ny antso sy ireo soso-kevitra naroso ho fanatsarana ireo Lalàna mifehy ny fifidianana sy ny rafitra mikarakara sy mitsara ny Fifidianana eto amintsika avy amin'ireo sehatra maro samihafa eto an-toerana sy avy any ivelany dia tsy misy hatramin'izao ny finiavana avy amin'ny Fitondrana hihaino sy hitondra fanavaozana.

Hamafisinay hatrany fa tsy hahafahana hanatanteraka fifidianana madio sy hanome vokatra eken'ny rehetra ireo Lalàmpifidianana sy rafitra misy ankehitriny.

**IREO TSY FANARAHAN-DALANA MISEHO:**

Betsaka ireo tsy fanarahan-dalàna miseho ankehitriny manoloana ny fiomanana hiatrika ny fifidianana :

- Ny fanaovan'ny Mpitondra fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana sy ny fampiasana ny volam-panjakana, ny fananam-panjakana ary ny Mpiasam-panjakana ho amin'izany fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana izany.
- Ny fanakatsakanana sy fanaovana ramatahora ny Antoko Politika Mpanohitra tsy hanatanteraka ireo hetsika politika ho fanabeazamboho ny Antoko sy fiomanana amin'ny Fifidianana.

**NOHO IREO VOALAZA REHETRA IREO DIA:**

-Manambara izahay fa ny fifidianana dia fifaninanana demokratika, noho izany dia fitsipika tokony hifanarahana sy mampitovy zo ny Mpifaninana no hampiharina mba haneken'ny rehetra ny vokatra

-Mbola manamafy ny antso avo ny tokony hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena izahay mba hametrahana izay fitsipika hifehezana ny fifidianana ifanarahana sy mampitovy zo ny Kandida rehetra.

-Manainga ny tompon'andraikitra sy ny mpisehatra mikasika ny fifidianana noho izany mba handray ny andraikitra rehetra ahafahana miroso amin' ny fifampiresahana mba hananana lisitry ny mpifidy feno sy madio, lalàm-pifidianana ifanarahana ary rafitra hitantana sy hitsara ny fifidianana atokisan'ny rehetra

-Manamafy izahay fa ny fanatanterahana amboletra ny fifidianana miaraka amin'ireo tsy fahatomombanana misy ankehitriny ireo dia tsy hitondra filaminana sy fahamarinan-toeran'ny Demokrasia eto amintsika fa hitarika korontana sy fisaraham-bazana eto amin'ny Firenena.

-Manaitra ny vahoaka rehetra handray andraikitra manoloana izao loza efa mihatra eto amin'ny firenena izao izay mandavo ny vahoaka no sady mamono tanteraka ny Demokrasia sy ny tany tan-dalàna.

Eto am-pamaranana, dia manome toky izahay fa tsy hamela ho irery ny Vahoaka Malagasy manoloana izao zava-misy feno fahasahiranana sy fahantrana izao fa hikaroka ny fomba rehetra sy hanao izay azo atao rehetra hitandroana ny tombontsoa ambonin'ny Firenena. Miantso ny Vahoaka Malagasy tsy hamoy fo na ho very fanantenana fa hanana FINOANA hatrany ka ho vonona handray andraikitra hatrany.

Noho izany, raha tsy misy ny fepetra raisina hanarenana maika izao tontolo manodidina ny fifidianana misy ankehitriny izao dia handray fanapahan-kevitra ara-politika lehibe mikasika ny zotram-pifidianana rehetra eto amin'ny firenena izahay."

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Betsaka ny tsy rariny ataon-dRajoelina sy ny ekipany

Betsaka ny tsy rariny ataon-dRajoelina sy ny ekipany amin'izao taona madiva hifarana izao. Mibahana ny sain'ny maro ohatra ny tsy fandraisana anjara atsy amin'ny Nosy Maurice amin'ny lalaon'ny Cjsoi, izay fingana lehibe tena manala baraka ny firenena tokoa, satria diso fanantenana ireo mpandray anjara izay efa niomana tamin'ny lafiny rehetra tokoa, nefa dia tsy nomen'ilay minisitry ny fanatanjahantena rariny akory na dia kely fotsiny aza, nataony toy ny izy mbola minisitry ny fitaterana hatrany: "Tsy mahazaka, tsy mahafehy ny ministera iandraiketany". Tsy afaka ao an-tsain'ny maro koa ny grevy etsy sy eroa, vokatry ny tsy fahaiza-mitantana ny volam-panjakana, teo ohatra ny volan' ireo mpiasa eny amin'ny fampianarana ambony, ny karaman'ireo mpiraki-draharaha eny amin' ny fitsarana, eo koa ny volan'ireo mpiasa eny amin'ny Antenimierandoholona, sy ny sisa..., izay efa fambara loza mihitsy hoan-dRajoelina sy ny ekipany, raha atao indray mijery. Ny lafiny fitaterana, gaga ny rehetra hatramin'izao, fa mbola tsy nahatazana izany fiara vaventy fitaterana miisa 1000 isa izany tamin'iny volana novambra lasa teo iny, tapenamaso koa ny rehetra momba ny trangan-javatra ao amin'ny Air Mad ao, sy ny tsy rariny ataon-dry Rinah Rakotomanga, nefa dia mahafatifaty ity filoha tsy mato-tsaina ity hatrany, porofon'izany koa ny fanaovana lalambe migodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina, nefa mbola marobe ireo lalana mila fanamboarana sy hatsaraina na harenina be, toy ny any Anosibe An'ala, Ikongo, Ambatomainty, RN2, RN7, RN6, sy ny sisa... Ny mahamaika andRajoelina dia ny hanaovana ny lalana 100km/ora na hahita fanenjika amin'izany làlana izany, nefa raha misy loza tsy ampoizina mitranga dia fahafaham-baraka koa izany. Ora 2 sy sasany no heveriny hanaovana izany 260 km izany, nefa Antsirabe 165km aza mbola any amin'ny 3 sy sasany na ora 4, na maherin'izany vao vita. Ny làlana efa ratsy, tsy asiana fanamboarana akory nefa mba lalam-pirenena ihany. Tsorina fa misy fetrany koa ny hafaingan-pandehan'ny fiara, ka raha 70km/ora no sahaza ny iray dia tsy tokony ianao filoha indray no hamporisika ny olona handeha 100km/ora na miohoatra izany. Ny fanonerana ny tanimbary, na ny tanin'ny olona mety ho lalovan'izany lalambe migodana izany koa dia mbola tsy fantatra ny mahakasika an'izay.

***Beharo***

Depiote Roland Ratsiraka

# Maha menatra fa tsy misy vola ny fanjakana

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin 'izao fotoana ny depiote voafidy tany Toamasina I, sady filoha nasionalin'ny antoko MTS, Roland Ratsiraka. Nambarany tamin'izany fa maha menatra ny zava-misy eto amintsika amin' izao fotoana, satria tsy manambola ny fanjaka-na. Manaporofo izany hoy ity olom-boafidy ity, tsy lasa ny delegasionina tokony ho nandeha tany amin'ny Nosy Maorisy hiatrika ny lalaon'ny CJSOI. Niantso taty anefa hoy izy ny Maorisianina, gaga sy talanjona izy ireo, satria isika no tokony handray ny Jeux des Iles, na ny Lalaon'ny Nosy aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana amin'ny taona ho avy 2023. Ny tsy fivahan'ny olan'ny Jirama amin'ny delestazy ankehitriny koa hoy ny depiote Roland Ratsiraka dia mampiseho izay tsy fananan'ny fitondrana vola izay. Ambonin'izany, tsy vitsy ireo mission, na fivoahana any ivelany voatery najanona. Tsy voaloa ny karaman'ny mpampianatra, ny vatsim-pianaran'ny mpianatra, na eto an-toerana, na any ivelany. Tsy voaloa ny karaman'ny mpiasan'ny Ante- nimierandoholona, mahatonga ny fitokonan'izy ireo. Ho tonga hatraty amin'ny Antenimierampirenena io, tsy fananan'ny fanjakana vola io, hoy ihany ny depiote Roland Ratsiraka.

***Stefa***

Depiote Todisoa sy fanalana ny Praiministra

# Tsy misy IRD, na TIM, na Tsy Miankina, miray feo ny depiote

Manoloana ny fahasahiranana mahazo ny vahoaka Malagasy ankehitriny dia nampiaka-peo ny solombavambahoaka maro tao Tsimbazaza , ka nanao fiantsoana manokana ny Praiminisitra Ntsay Christian sy ny Minisitry ny vola eto amin'ny tany sy ny firenena hoy ny solombavambahoaka TIM, Todisoa Andriamapandry . Ny mahatonga an'izay hoy izy dia be dia be no tezitra ireo Solombavambahoa-ka amin'ny fahasahiranana mahazo ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao, nefa toa tsy mba misy vahaolana raisin'ny mpitantana dia ny firenena. Efa mijaly ny Vahoaka amin'ny lafiny maro toy ny vidim-piainana miakatra andro aman'alina. Ny asa tsy misy , eo ihany koa ny tsy fandriampahalemana, ny jiro sy rano tapaka lava ary ny mosary isan-karazany. Ity izao hoy ny depiote Todisoa Andriamampianina no kirizy mafy sy ratsy indrindra hatramin' izay nahazoana ny faha-60 taonan'ny fahaleovantena izay. Ankoatra izay, tsy omen'ireo mpanatanteraka ny haja maha solombavambahoaka, izany hoe toerana amin'ny maha olom-boafidy azy. Rehefa mba miresaka ianao amin' ny Praiminisitra na minisitra dia ohatran'ny hoe tsy misy vidiny , tsy asiany sira izany hoe solombavambahoaka izany. Ny Mpandraharaha izao dia tsy omena azy ny zony , ny avantage izay tokony ho azony. Eo amin'ny sehatry ny asa amin'ny Antenimierandoholona indray dia tara lava ny karama, nefa mpiasa ireo ary mamelom-bady amanjanaka. Ny zo kely 13 eme mois tsy omena. Raha tsy misy an'ireo mpiasa ireo anefa dia tsy mandeha izany institution izany. Dia ohatr' izay ihany koa ny Solombavambahoaka tsy vitan' ny hoe ny vahoaka no ampifilafilaina sy ampijaliana, fa ilay mitondra ny feon'ny vahoaka ihany koa.

Tsy misy intsony ny hoe TIM ity, na IRD ity, na indépendant ity, fa miray feo ny Solombavambahoaka ankehitriny hanaovana an'izao Interpella- tion an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Minisitry ny finance, satria gaboraraka loatra ny fitantanana. Tonga ny fotoana ampahafantaranay an'izy ireo, hoe manana ny hajany izahay solombavambaho-aka, hoy ihany ny depiote Todisoa Andriamapandry.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Tsy manana politika mazava momba ny tanora

Ny fanatanjahantena raha ampidirina resaka politika, dia tsy ho tafavoaka, ary hisy olana. Efa nambara mandrakariva teto izany raha vao nitsabaka tamin'ny resaka fanohanana an'i Barea, tamin'izy nisandratra ireny, i Andry Rajoelina sy ny ekipany mpanao kajikajy politika. Nosavihan'izy ireo ny Bareo vao hitany fa nisy fahombiazana ny ezaka nataony. Aiza no niafaràn'ity ekipam-pirenena ity taorian'izany, indrindra rehefa nihintsana tamin'ny ampahefa-dalana tamin'ny fifaninanana Can 2019 ireny. Dia niaraha-nahita ny niafaràny mandraka ankehitriny. Notsabahan'ny fitondrana Rajoelina ny baolina kitra malagasy dia izao no vokany. Vao mainka nihanihary izany fitsabahana izany tamin'ny nataon'i Andry Rajoelina tonga teny Ivato, ka nanao vavabe tsy voahevitra ny tao amin'ny mpitantana ny federasiona ary nampitandrina mafy mihitsy. Tsy vita ho azy amin'izao ireny fa manapotika zavatra maro amin'ity sehatra tian'ny vahoaka malagasy ity. Tsy mila idiran'ny mpanao politika, sy indrindra anaovana politika ny baolina kitra sy ny sehatry ny fanatanjahantena. Dia niseho nananatra ny minisitry ny fanatanjahantena, Tinoka Roberto, ny amin'ny tsy ampidiriana resaka politika ny fanatanjahantena, tamin'ny fanazavany fiarovantena ny amin'ny tsy nandraisan'i Madagasikara anjara tamin'ny lalaon'ny Nosy CJSOI tanterahina atsy amin'ny Nosy Maorisy ankehitriny. Any amin'i Andry Rajoelina no tokony hilazany izany, mba tsy hanaovana kajikajy politika intsony amin'ity sehatry ny fanatanjahantena eto amin'ny firenena ity. Ny fitondrana misy azy no tokony hanariny sy teneniny voalohany aloha, vao miteny ny hafa. Aoka tsy atao fitaovana ny zatovo sy tanora malagasy hiarovan-tseza sy tombontsoa manokana.

Ny zaza sy ny zatovo ary tanora malagasy dia tsy ananan'izao fitondrana izao politika mazava sy hentitra feno fahendrena. Tsongatsongain'ny fitondrana ny tohanany, toy ny niseho tamin'ireo vehivavy mpanao rugby hiatrika amboara eran-tany. Misy dia tsy voajery mihitsy ny taranja hafa sasany. Ny mpianatra dia tojo olana hatrany ao anaty taom-pianarana, indrindra ireo eny amin'ny ambaratonga ambony. Niaraha-nahita ireny hetsiky ny tanora ho mpampianatra eny amin'ny ENS Ampefiloha, sy ny filazany ny tsy firaharahiana azy ireo satria zana-bahoaka. Miasa saina izy ireo amin'ny hoaviny, fa tsy misy lalana mazava feno fanantenana nosoritan'izao fitondrana Rajoleina izao ho azy ireo. Vahaolana tefy maika lava izao no hatao azy ireny. Manahirana ny mandre, fa maro amin'ny tanora malagasy no mitady lalana mandrakariva ho any ivelany, fa any no heverin'izy ireo hanome antoka ny hoaviny amin'ny fivelomana, manam-pahaizana ny ankamaroany, ary marobe no efa lasa miparitaka any mitondra ny fahaizana sy manasoa ny firenen'olon-kafa. Porofo mitohoka amin'ny tendany izany, fa tsy misy na tsy mahomby velively ny politika ataon'izao fitondrana izao ho azy ireo. Tsy atao hahagaga izany, satria ny olon'izao fitondrana izao dia tsy niomana sy nianatra velively ho amin'izany. Loza mitatao sy hahapotika ny hoavin'ny firenena izany.

*Radafy*

FITSIPAHAM-PITOKISANA NY GOVERNEMANTA

## Mihotakotaka sy misamboaravoara ny eny Tsimbazaza




*Ny zava-misy eny Tsimbazaza.*

Vaky ny ady amin'izao fotoana eo amin'ny Antenimierampirenena sy ny governemanta, mihotakotaka sy misamboaravoara noho izany ny eny Tsimbazaza. Milaza ireo depiote, fa manao tsinontsinona ireo olom-boafidy eny, ireo mpikambana ao amin'ny governemanta, tarihan'ny Praiministra Ntsay Christian. Efa hatramin'ny afak'omaly alina no misahotakotaka ny ao Tsimbazaza ao amin'ny fikasàna hanao "motion de censure" na fitsipaham- pitokisana ny governemanta Ntsay Christian, mbola nitohy omaly tontolo izany ka hatramin' izao. Mitodika eny Tsimbazaza ny mason'ny rehetra, satria ny fahefana mpanatanteraka no tadiavin'ny fahefana mpanao lalàna hahongana noho ny tsy fahombiazam-pitantanany amin'ny ankapobeny. Misy ny fiantso- an'ireo depiote manokana ny Praiminisitra sy ny Minisitry ny vola eto amin'ny tany sy ny firenena. Ny mahatonga an'izay, be ny tezitra ny solombavambahoaka, ka nanapaka hevitra izy ireo ny hoe am- panantsoina izy ireo amin' ny fahasahiranana mahazo ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao: sahirana amin'ny vidim-piainana , ny asa tsy misy , eo ihany koa ny tsy fandriampahalemana , ny jiro sy rano tapaka lava ary ny mosary isan-karazany. Tsy omen'ireo mpanatanteraka haja anefa ireo olom-boafidy ireo, ka nahatonga azy ireo hitroatra izao. Samy tezitra amin'ny governemanta izay avokoa na ny depiote avy amin'ny antoko TIM, na ny avy amin'ny IRD, na ny Tsy Miankina. Niray feo izy ireo ho amin'ny fanalana ny Praiministra sy ny governemanta amin'ny toeran' izy ireo. Araka ny vaovao voaray omaly, efa maro ireo depiote nanasonia ny rijan-tenin'izany fitsipahampitokisana izany, efa misy 105 izy ireo, satria heveriny fa tena gaboraraka loatra ny fitantanam-pirenena ankehitriny. Araka ny vaovao voaray farany, efa tafapetraka ao amin'ny birao maharitr'ity andrimpanjakana ity ny rijantenin'izany fitsipaham- pitokisa-na izany. Noho izay antony izay, nahemotra ho amin'ny herinandro ny fihaonana eo amin'ny governemanta sy ny Antenimierampirenena tokony hatao anio sy rahampitso eny Tsimbazaza. Momba ity raharaha ity kosa ankilany, milaza ny any anivon'ny governemanta, fa misy fanodinkodinam-bola sy fizaram-bola eny Tsimbazaza, ka hanairan'izy ireo ny tompon'andraikitry ny ady amin'ny kolikoly izany raharaha izany.

Raha ho an'ny maro, tsy ny Praiministra sy ny governemanta ihany no tokony hoesorina, fa izy rehetra nampahantra an'i Madagasikara, miainga any an-tampony, manomboka amin'ny filoha Rajoelina.

*Isambilo*

Fitakiana

## Nafana ny fitokonan'ny mpianatry ny ENS teny Ampefiloha



*Ny hetsiky ny mpianatra tetsy Ampefiloha omaly.*

Nifarana ny 5 desambra teo ny fe-potoana nomen'ireo mpianatra ao amin'ny ENS etsy Ampefiloha ny tompon'andraikitra, ho famaliana ny fitakian'izy ireo. Noho izay antony izay, nitokona nidina an-dalambe ireo mpianatra omaly sy afak'omaly. Nafana dia nafana tokoa izany fidinana an-dalambe nataon'ireo mpianatra izany, nisy ny fandorana kodiarana ho fanakanan-dalana, nisy ihany koa ny torabato nataon'ny sasany tamin'izy ireo ny mpitandro filaminana. Tapaka nandritra ny fotoana naharitraritra noho izay antony izay, ny fifamoivoizana teny amin'iny faritra Ampefiloha sy ny manodidina iny. Tonga teny an-toerana nandamina ny mpitandro ny filaminana. Takian' ireto mpianatra ireto izay efa nahavita ny fianarany ka nahazo ny diplaoma Capen sy Mapen, ny handraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana amin'izay, 600 mahery monja no voaray hatreto amin'ny toerana 1500.

*Stefa*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Rajoelina mihitsy no fôpla fa tsy ny manodidina azy ihany



**Arp Helisoa Rahelisoa :** amiko tsy mety ilay fitenenana hoe tsy ny filoha no ratsy fa ny manodidina no manome hoditr'akondro,

**Rivo Andriamanalina :** aza misahirana e !

**Moustapha Nadje :** zahay Mila Motion de censure.

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** sao empêchement an-dRajoelina mihintsy no tokony hatao?

**Hery Niaina Andriambola :** filoha tsy misaina matoa mety tsipazan'ny olona hoditr'akondro.

**Berthin Kotosoa:** ilay President mihitsy no fôpla, fa tsy ny entourage-ny ihany.

**Hery Ratovo :** zay aloha dia marina e, fôpla loatra ilay filoha!

**Hajanomena Razafindrabe :** Suis entièrement d'accord avec toi. Satria ve i Rose sy Jack no nivetaveta dia variana ny komanda dia dobo Titanic !

**Thierry Rasoloaritsimba :** efa hatramin'ny Titanic kosa nge ny delestage eee!

**Narison Ranaivo :** ilay rajoel mintsy no fôpla d manodidina ko manamafy zany. Ary mody mitapy Ary mamporisika mintsy hitapy foana.

**Lahatra Andriamahatsangy :** nareo kland misahirana.

**Thierry Rasoloaritsimba :** ny lohany mihitsy no tsy ao intsony e!

**Naina Naina :** tena mitovy daholo ireo eee, tsy mamely avokoa.

**Fara Holinirina Ramiandrasoa :** eKeko 100% ilay hevitrao.

**Rado Andrian :** empêchement mihitsy no ilaina izao ka!

**Jean Emmanuel Razanakoto :** samy tsy afaka eh... Ny fary lohany mihintsy no matsatso oh!

**Mamiseheno Raoelison :** lohany nomatsatso mihintsy.

**Rasolo Cla :** zay lazainy no tsy maintsy tanterahina.

**Olivier Rakotondrafara :** ny Filoha ihany no misafidy ireo olona hiara-miasa aminy.

**Aurelie Raveloarisoa :** l'exemple vient d'en HAUT!

**Tina Ramanalinarivo :** ny filoha mihitsy no ratsy é!

**Ahmed Salim:** mila hatao empêchement President Rajoelina fa tsy tena tsy mamango.

**Benja H. Andrianasolo :** TSY NY MANODIDINA MIHITSY NO NANAO VELIRANO SY NANDAINGA.

**Mimiche RaZa :** rehef tsy ratsy izy dia tsy mahay, donc miala foana no mendrika anazy.

**Pa Ranoasiarison :** EFA HITA izao fa ny FILOHA no ratsy voalohany dia ireo aorinany ireo, ratsy be dia be manaraka azy koa...

TONONKALO

## MIHOTAKOTAKA NY SAMBO

Marobe ireo hadisoana hita ho niverimberina.
Raha indray mandeha angamba, mety ho azo noleferina.
Saingy ny an`ireto kosa tena tsy hay isaina intsony,
Nefa ny modely tsara, moa tsy miainga avy any ambony ?

Tato ho ato dia nalaza ho tsy milamina ny sambo,
F`efa toa mananontanona na ny loza na ny antambo.
Tena tsy hay na hoe fambara f`efa tena hipatitaka,
Fa raha ny mpandeha aloha dia miady sy mifanaritaka !

Samy toa mifanakiana , samy mifamely fantsy.
Mifanao antokotoko sy efa toa mifampihantsy.
Samy manamafy seza , samy te hanavotra aina,
Ka tsy tazana intsony izany hoe firaisan-tsaina !

Hita taratra sahady, hisy tsy hahatody morona,
Ary ny praiminisitra no heno fa ho lasa sorona.
Tombantombana io anefa fa ny ampitso no hanambara
Ny amin`izay ho fiafarana na ho tohin`ny tantara !

*DADAN`i ZINA (06-12-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Potika ny lalana, tsy afaky ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) ny fako, etsy Ampandrana.**













**Potika sahady ny sekoly, Lycée manara-penitra, vao notokanana tsy ela akory izay, any Tanandava Station, distrikan'i Morombe, faritra Atsimo Andrefana.**





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ho tonga malahelo ny miraviravy tànana amin'ny asany; fa mampanan-karena ny tànan'ny mazoto."*

***Ohabolana 10:4***

**Basket Ankoay 3x3 lahy sy vavy**

# Nahazo fanomezana ara-bola 12 tapitrisa Ar



*Ankoay lehilahy tompondakan'i Afrika.*

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny talata 06 desambra 2022 ny Ankoay 3x3 Lahy sy vavy, avy niatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika eo amin'ny taranja Basketball 3×3 notanterahana tany le Caire, Egypte ka notsenaina am-boninahitra sy tamin' ny fitsofana mozika teto Antananarivo. Nitarika an' izany fitsenana makotroka izany teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ka hatreny amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina ny minisitry ny fanatanjahantena Malagasy izay niarahaba manokana an'ireo Athleta sy ny mpanazatra izay nitondra avo ny voninahi-pirenena nandritra izany fifaninanana izany, toy izay natrehany tamin' ny taona 2019 ihany koa ary niarahaba manokana ihany koa ny Federasiona Malagasy ny taranja Basket- ball amin'izao vokatra tsara azo izao. Tsy tongatonga ho azy «par hasard » izao fandresena azontsika izao, hoy ny filohan' ny FMBB teny Ivato, fa vokatry ny ezaka natao efa hatrany amin'ny taona 2014-2015 ary vokatry ny fiaraha-miasan'ny rafitra rehetra eto amin'ny firenena. Nahazo "PRIME de RECONNAISSANCE" nitentina 8 tapitrisa Ar avy amin'ny FMBB ny delegasiôna rehetra nandeha tany Egypte ary nahazo 2 tapitrisa Ar avy kosa avy amin'ny minisitera MJS kosa ireo ekipa Ankoay 3X3 lahy sy vavy.

***Rainilita***

**Zoma 9 sy sabotsy 10 desambra**

# Fantaro ireo lalao ¼-dalana rehetra amin'ny Mondial 2022

Fantatra avokoa ireo hiatrika ny ¼-dalan'ny baolina kitra, amin'ny fifaninanana « Fifa World Cup 2022 », ka i Maroc sy Portugal no firenena farany tafita hiatrika an'izany rehefa avy nandresy avy an'i Espagne 0 (3) – 0 (0) sy Suisse 6-1 tamin'ny talata 06 desambra 2022 lasa teo. Ny "Lions d'Atlas" Maraokana izany no hany ekipa Afrikana tafita hiatrika an'izany ¼-dalana izany amin'ity fifaninanana ity ary ny ekipa Espaniôla no ekipa "Favoris" nihintsana farany teo amin'ny lalao ampahavalon-dalana. Niala sasatra kely aloha ireo ekipa mbola handray anjara amin'ny 1/4-dalana omaly alarobia 07 sy anio alakamisy 08 desambra 2022. Fandaharan-dalao fenon' ny 1/4-dalana :

**Zoma 09 desambra 2022:** 18:00- Croatie # Brésil any amin'ny kianja « stade Education City de Doha »,
22:00- Pays-Bas # Argentine any amin'ny kianja « stade de Lusail ».

**Sabotsy 10 desambra 2022**
18 :00- Maroc # Portugal any amin'ny kianja « Al Thumama Stadium de Doha »,
22 :00- Angleterre # France any amin'ny kianja «stade Al Bayt de Al-Khor».

***Rainilita***





*Ny "Lions d'Atlas" Maroc sy i Portugal.*

**Rugby Makis sy La Réunion**

# Etsy amin'ny kianja Makis amin'ny sabotsy sy alahady izao



*Mpilalao rugby Réunionais.*

Hanatanteraka lalao ara-piralahiana etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, amin'ny sabotsy 10 sy alahady 11 desambra 2022 ho avy izao, ireo ekipa mpanao rugby avy atsy La Réunion sy ny ekipa Makis lahy sy vavy. Fandaharan-dalao amin'ny sabotsy sy alahady : sabotsy 10 desambra 2022 11:00-Makis 7s # La Réunion vehivavy Alahady 11 desambra 2022 09:00-Cea Andranomanalina # Ftba (Match amical), 11;00-Ftat # Fbm Bemasoandro (Match Top 20), 13:00-Tam Anosibe # Scb Besarety (Match Top 20), 14:30-Makis 7s # La Réunion (Rugby à 7 Féminin).

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy saosety** indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo soa azo avy amin'ny ronono sy tamotamo

Ireo soa azo avy amin'ny ronono sy ny tamotamo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala ny manaintaina izany, manala kohoka, iaro amin'ny cancer n any homamiadana, tsara ho an'ny aty, manampy amin'ny torimaso, manadio rà. Fikarakarana azy: ronono 1 kaopy, tamotamo 1 sotro lehibe. Ampangotrahana miaraka dia sotroina tsy hasiana siramamy tsy tatavanina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Moramanga Suburbaine distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Moramanga Suburbaine, distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Moramanga Suburbaine ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any afovoan'ny atsimo andrefan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.






DR FIDY BARINIAINA

# Gaboraraka ny fepetran'ny hamehana ara-pahasalamana



Ankoatry ny fiparitahan'ny fako sy ny loto amin'ny faritra samihafa eto amintsika, indrindra fa ny eto an-drenivohitra dia ahiana ihany koa ny fitomboan'ny olona mitondra ny tsimokaretina Covid-19 satria mifandray amin'ny aretina mety miseho ny firongatry ny aretina coronavirus. Ny tsimokaretina coronavirus mantsy dia miseho amin'ny alàlan'ny aretin-kibo na voan'ny sery na gripa mahery, ka vizaka ary malain-komana ihany koa. Raha toa ka mikohaka moa ilay olona dia ilay rehoka mivoaka avy aminy no anisan' ny manaparitaka ny aretina. Ny fanaovana aro vava sy orona no zava-dehibe, mba tsy hiparitahan'ny aretina raha ny nambaran'ny dokotera Fidy Bariniaina, satria ankehitriny dia gaboraraka tanteraka ny sakana ara-pahasalamana raha tsy hiresaka afa-tsy ny ao anaty bus, na amin'ny fivoriana samihafa ihany koa. Mbola maro anefa no tsy nanao vaksiny teto Madagasikara nandritra ny fihanaky ny aretina coronavirus teto amintsika tao anatin'ny roa taona mahery izay. Manaitra ny rehetra, mba samy ho tonga saina sy hanaja ny fepetran'ny hamehana ara-pahasalamana ity dokotera ity, satria raha izao no mitohy dia sarotra ny hifehezana ity aretina ity, indrindra amin'izao ankatoky ny fety izao.

***Rajo***

FJKM Ambohipanja Fitiavana

# Nomarihina tamin'ny fitokanana asa vita ny faha-160 taonany

Taom-pahasoavana ho an'ny FJKM Fitandremana AMBOHIPANJA FITIAVANA, Synodamparitany Iarivo Avaradrano ny datin'ny 19 sy ny 20 Novambra lasa teo. Feno 160 taona ny fiangonana ka nomarihana tamin'ny fitokanana fanitarana sy fanavaozana ny trano fiangonana izany izay notarihan'ny FOIBE FJKM sy ny Synodamparitany, toy ny carreaux, tilikambo, dabilio, alitara sy pilipitra, ny birao fiasan'ny mpitandrina miaraka amin'ny fitaovana samihafa toy ny écran plat sy ny fanamafisam-peo ny sabotsy 19 Novambra.

Ezaky ny reni-fiangonana sy ny zanaka ampielezana niaraka tamin'ireo rantsa-mangaikan'ny fiangonana no nahavitana ireo ezaka samihafa ireo. Teny nosafidian'ny fiangonana ny voasoratra ao amin'ny I Korintiana 15:10 tapany voalohany sy ny tapany fahatelo manao hoe « Fa ny fahasoavan' Andriamanitra no nahatoy izao ahy, nefa tsy izaho fa ny fahasoavan' Andriamanitra no niaraniasa tamiko ». Ny Mpitandrina RATSIMISETA Rojonirainy no nitarika ny fotoana raha ny Mpitandrina RASOANAIVO Rinah kosa no nitondra ny hafatr' Andriamanitra.



*Nandritra ny fitokanana.*

Nisy ny fiarahabana ireo rehetra nifanotrona tamin' ny fahavitan'ny asa, ireo birao sy komity, ireo taranaky ny fiangonana, ireo sampana samihafa, ireo mpitandrina taranaky ny fiangonana izay nifarimbona tamin'ny fitarihana ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo izay notarihan'ny mpitandrina eo an-toerana, RAKOTOARISOA Rasoazananaly.

Ankoatr'izay, dia manana tobim-pahasalamana ihany koa ny FJKM AMBOHIPANJA FITIAVANA izay misy mpampivelona sy dokotera. Fotoan-dehibe tao anatin'ny roa andro izay samy nofaranana tamin'ny fiaraha-misakafo avokoa. Ny alahady dia fandraisana ny Fanasan'ny Tompo no namaranana ny fotoana. Mitohy ny asa raha ny nambaran'ny mpitandrina satria ankoatry ny eo an-toerana , dia manao fiangonana any ANDRANOMBOAY IAKORA ihany koa ny Fjkm Ambohipanja Fitiavana ankoatry ny fanitarana ny tobim-pahasalamana eo an-toerana. Marihina, fa hipoka tanteraka hatrany an-tokotany sy ny akany ny Fjkm Ambohipanja Fitiavana ny alahady 20 Novambra 2022.

***Rajo***

Karaté-do Malagasy

# Samy mbola miziriziry ho tena izy ny ekipa roa tonta

Samy mbola miziriziry ho rafitra tena izy ny ekipana FMK roa tonta tarihan'ny Sensei Andrianavomanana Solofo Barijaona, sy ny tarihan'ny Sensei Ratefinanahary Emile, tamin' ny fahatongavan'izy ireo niaraka tao anaty fiaramandina nitondra ny delegasiônan'ny basikety 3x3 Malagasy avy any Afrika Atsimo tamin'ny tatala 06 desambra 2022 lasa teo, teny amin'ny seranampiaramanidina iraisam-pirenena teny Ivato, rehefa samy avy niatrika ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika 2022 eo amin' ity taranja ity tany Durban. Ny andaniny tarihan'Andriamatoa Andrianavomanana Solofo Barijaona dia nanizingizina, fa mbola ny FMK tarihany no mbola ara-dalàna, ka ankatoavin'ny iraisam-pirenana amin'ny fitantanana ny taranja karaté Malagasy, nahazo vokatra tsara tamin'ny fitondrany an'ireo mpikatroka tompondaka eto Madagasikara tany Durban. Ny ankilany kosa, ny FMK tarihan'Andriamatoa Ratefinanahary Emile dia nitantara fa izy irery no neken'ny UFAK, ho tena solontena Malagasy tamin'ny fanatrehana ny AG an'ity rafitra ity, sy tamin'ny fanotronana hatramin'ny farany ny fifaninanana tany Durban. Hatramin'ny 01 desambra 2022 teo nanambaran'ny UFAK ny fiafaran'ny fitantanan'i Sensei Solofo ny FMK, hoy izy, dia mazava fa ny tenanay no neken'ny rafitra iraisam-pirenena hitantana ny FMK Malagasy. Aoka izay ny disadisa misy eo amin'ity taranja ankafizin'ny Malagasy ity, hoy izy, fa andao hihavana sy hivondronana, ka ny ho avin'ny karaté-do Malagasy rahampitso no ndeha ho banjinina amin'izay.



*Ny delegasiônan'ny FMK vaovao teny Ivato.*

***Rainilita***

FJKM Ampanotokana Firaisana

# Nitokana fotodrafitr'asa

Tontosa ny talata 22 Novambra teo ny fitokanana ny trano fisainana, sy ny lakozian'ny FJKM AMPANOTOKANA FIRAISANA, Synodamparitany Antananarivo andrefana. Fitokanana notarihan'ny synodamparitany dia ny filoha mpanampy, ny mpitandrina RAMAMONJISOA Robert, izay nakana ny teny tao amin'ny Tantara toko fahafito andininy faha-16 manao hoe : « fa efa nofidiako sy nohamasiniko ity trano ity, mba hitoeran'ny anarako mandrakizay, ary ny masoko sy ny foko ho ao mandrakariva » ary nakana ny hafatr'Andriamanitra.

Tafiditra amin'ny fankalazana ny faha-150 taonan'ny fiangonana rahateo ny fitokanana ity fotodrafitr' asa ity, izay herintaona teo ho eo no nahavitana ny asa, izay saika tohana avy amin'ny malala-tànana sy ny mpino kristiana avokoa ankoatry ny hetsiky ny fiangonana izay mitentina an-tapitrisany maro. Nambaran'ny mpitandrina eo an-toerana, fa tsy mijanona hatreo akory ny ezaky ny fiangonana, fa ezaka mbola miandry ny akany sy ny hafa ihany koa. Matotra ny fiaraha-miasa eo amin'ny reni-fiangonana sy ny zanaka ampielezana ary porofon'izany ny fahavitana fotodrafitr'asa toy izao. Ny Mpitandrina ANDRIANARIVELO Volasoa mpitantsoratry ny synodamparitany, no nitarika ny fotoana ny talata.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana samihafa dia niroso tamin'ny nofon-kena mitam-pihavanana sy fizarana mofomamy, ireo rehetra tonga nanotrona toy ny solontena samihafa eo anivon'ny synodamparitany sy ireo vahiny nasaina manokana.

Ny alahady 27 Novambra teo kosa dia fotoan-dehibe, niarahana tamin'ny reni-fiangonana sy ny zanaka ampielezan'ny Fjkm Ampanotokana Firaisana.

***Rajo***

"Orange Pro League 2022/2023"

# Lalao maromaro nandraisan' ny CFEM fanapahan-kevitra

Lalao maromaro samy nahitana olana tsirairay avy tamin'ny andro farany, no nandraisan'ny CFEM fanapahan-kevitra hentitra, tamin'ny alarobia 7 desambra 2022 teo. Notapahiny fa mandresy 3-0 ny As Fanalamanga, ka "forfait" ny Asa Diana ary mandoa lamandy 1.000.000 Ar tamin'ny lalao tsy tanteraka tokony nifanandrinan'izy ireo. Nankatovin'ny CFEM ihany koa, fa nandresy 1-0 ny As Fanalamanga nanoloana an'i Uscafoot ary nangatahan'ny CFEM ny "Commision Centrale des Arbitres de la FMF", hampiato ny mpitsara an'io lalao n°18 io tsy hitsara intsony ny lalao OPL. Mandresy 3-0 ny Ajesaia nefa mandoa lamandy 2.000.000 Ar, noho ny tsy fahatomombanan'ny fandriampahaleman'ny kianja nilalaovana, tamin'ny fihaonan'izy ireo tamin'ny ekipan'ny Tsaramandroso Formation Fc niato teo amin'ny minitra faha-90. Raha mbola mamerina ny tsy fahatomombanan'ny fandriampahalemana sy ny tsy fanekena hanohy ny lalao intsony, na noho ny fampisehoana fihetsika "antisportif" ny iray amin'ny Ajesai sy Tsaramandroso Formation Fc dia ho esorina tsy handray anjara intsony amin'ny OPL 2022/2023. Tsy hahazo hilalao mandritra ny lalao 6 manaraka ary handoa lamandy 500.000 Ar ny mpilalao n°20 an'ny Tsaramandroso Formation Fc, Ratovonanahary Soloniaina Philémon. Tsy hahazo hilalao mandritra ny lalao 3 manaraka ary handoa lamandy 200.000 Ar ny mpilalao n°14 avy amin'ny Tsaramandro Fc, Rachid Julio, sy ny mpilalao n°15 avy amin'ny Tsaramandroso Fc, Be Anouwar, ary ny mpilalao Ramiandrasoa Seth Fanantenana avy amin'ny Ajesaia. Tsy hahazo hiakatra hipetraka eo amin'ny "banc" mandritra ny lalao 2 manaraka ary handoa lamandy 300.000 Ar ny mpanazatran'ny Ajesaia, Ramiandrasoa Seth Fanantenana.

***Rainilita***



*Fifaninanana "Orange Pro League 2022/2023".*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**03/12/2022 hatramin'ny 10/12/2022**

- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 79 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64 / 034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1377-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MONDIAL 2022 ANY QATAR

# Mampihanta ny mpanjifa ny Tranombarotra Baolai

Manerantany dia ny « Mondial de Football 2022 » ao Qatar, no hetsika ara- panatanjahatena tena be mpankafia indrindra. Ny marika « Hisense », izay mpanohana ofisialy an' ity lalao goavana iraisampirenena iray ity dia ao amin' ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano sy Analakely ary ao Bazar be Toamasina no ahitana azy, izay masoivoho ofisialy eto Madagasikara efa ho 12 taona lasa izao. «Ho an'ireo izay manjifa Smart Tv marika « Hisense » manomboka 50" ato aminay, izay misy ilay soratra hoe « H » sy mandoa 80 $ any amin' ny « Fifa » mivantana, dia afaka mijery sy mankafia ny lalao rehetra an' ny « Fifa World Cup 2022 » ranoiray. Ary ho an' ireo izay mividy Smart Tv 85" marika « Jeyoo » 1 dia homenay ampli - baffle iray maimaimpoana », hoy ny tompon' andraikitra. Ao ihany koa no ahitana entana maro sy tsara izay azo hatao fanomezana amin' ireo fety maro ho avy toy ny Smartphone, amplificateur, réfrigérateur (izay mitazona ny hatsiaka 135 ora aorinan'ny délestage), climatiseur isankarazany, machine à café à capsule, synthétiseur, panneaux solaires mono sy polychristalline, machine à laver, four à gaz sy électrique. Ankoatran' izay dia mbola notohizan' ny Tranombarotra «Baolai » ihany koa ilay « remise » goavana eo anelanelan'ny 18% hatramin ny 33% amin'ireo Laser Tv 4K de 100" sy Smart Tv ary télé Led misy manomboka 32" hatramin ny 85" ato aminay ( misy antoka 1 taona) ». Ny antsipirian'izany rehetra izany dia ho azo ao amin' ny «site web » sy pejy fb : baolai ary ao amin'ny laharana 0202260588 - 0202230848 - 03337 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hiavaka ao anatin'ny maro tokoa ny fety samihafa hoavy miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai » amin'izao taona madiva hifarana izao.




*Entana maro samy hafa, hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

***Niaina***

Ortana

# « Randonnée » any Miadanimerina ny sabotsy 10 desambra izao

Manomana fanatanjahantena dia an-tongotra, laroina fizahantany indray ny sabotsy 10 desambra ho avy izao ny Ortana, na ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga. Any Miadanimerina no hanatanterahana izany hetsika izany ny sabotsy ho avy izao io. Hahatratra 10,8 km ny halaviran-dalana halehan'ireo mpandray anjara amin'ity hetsika fanatanjahantena dia an-tongotra laroina fizahantany ity amin'izany. Ankoatra ny hakanton'ny voahary amin'ny tontolo manodidina any an-toerana, hampahafantarina ireo mpandray anjara koa ny tantaran'ny toerana haleha, ho hita mandritra izany koa ny asa tanana fanaovana lamba landy any an-toerana. Mialohan'ny hamaranana ny "randonnée", handalo ny tanànan'i Miadanandriana koa ireo mpandray anjara amin'ity hetsika hokarakarain'ny Ortana ity. Samy mitondra ny rano sy ny sakafo sahaza azy ny mpandray anjara, nampahafantatra koa ny mpikarakara fa fady henakisoa, tongolo gasy ary tongolobe ny toerana haleha.

***Aly***




*Anisan'ny toerana ho hita amin'ny fanatanterahana ny "randonnée" Miadanimerina.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 415




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0414)

***Mitsivalana***
- Fihirana
- Ezaka
- Takona
- Disoinao
- Ady – TD
- (L)iok(a) – RR
- Fanaony

***Mitsangana***
- Fiandry
- Fody (miv)
- Hetsika
- Izao
- Rakitra
- Akondro
- Nana
- Aomby

## TENY MIFANAPAKA N° 415




**Mitsivalana**

**1.** Fitadiavana **2.** Manambatra – Omeo valiny **3.** Teny fiderana – Naoty (miv) **4.** Karazana tantara (miv) – Tampiska **5.** Betsaka – Fanirina **6.** Voankazo (miv) – Kianteny (miv) **7.** Mpanoritra – Lakroa **8.** Eny amin'ny Habakabaka (miv) – marina (miv) **9.** Tsy manaiky – Isa Romana **10.** Taova – Ratsy fofona (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mialoha ny lalao fanatanjahantena **B.** Karazana trondro madinika (BL) – Vovoka (miv) **D.** Aro tongotra – Lavitra tsy hita maso **E.** Karazan-damba (miv) – Fanadinana **F.** Làlam-pirenena – Mpisolo tena **G.** Zava-maniry **H.** Hekitara – Fanaon'ny mpivavaka (miv) **I.** Esorina – Varahina sy volafotsy **J.** Nifanome lesona **K.** Mpanondro – Resinao (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0414

**Mitsivalana**

**1**.Solonify **2.** Orana - Vono (miv) **3.** Lalina - Dia **4.** Rana (miv) **5.** Siny - Enina **6.** Andramana **7.** Miray (miv) - DR **8.** Faritana (miv) **9.** Ar - Na (miv) - Vary **10.** Manina - Ia

**Mitsangana**

**A** Solosaina **B.** Ora - Ina - RM **D.** Lalandrà **E.** Ony - Naniry (miv) **F.** Nana - Amany **G.** Mena (miv) **H.** Fo - Ana - Iva **I.** Indrindra **J.** O.I - Narary **K.** Avana - Fia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny varavarana misokatra, sy fitokanana ny Cabinet Medical Manasoa eny Mandrosoa Ivato, ny faran'ny herinandro teo.**











**Ny akon'ny fitokonan'ireo mpianatry ny ENS etsy Ampefiloha omaly.**









